



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivaviana - Tanindrazana - Fandrosoana

CE 07-12-21
Jeu PV
✓
CRA n° 173
M. J. 56



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-173

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAN-DALÀNA
LAHARANA FAHA-007/2021 TAMIN'NY 12 MEY 2021 FANDRAVONANA NY TETIBOLA, TAONA 2018

Fivoriana Faha-15
Natao ny
Talata 30 Novambra 2021
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

MPITANTSORATRA: -Ramatoa ANGELE Solange
-Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe

FOTOANA: Talata 30 Novambra 2021, tamin'ny 10 ora sy 55 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-007/2021 tamin'ny 12 Mey 2021 Fandravonana ny Tetibola, taona 2018.

Nitohy ny Talata 30 Novambra 2021, tamin'ny 10 ora sy 55 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Ramatoa ANGELE Solange.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny nanatontosany izany, Andriamatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, izay fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-007/2021 tamin'ny 12 Mey 2021 Fandravonana ny Tetibola, taona 2018.

Niangavy ny Mpampakateny mba hamaky ny tatitra ny asam-baomera mikasika ny volavolan-dalàna voalaza etsy ambony ny tenany, taorian'izay.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alakamisy faha-25 Novambra 2021 tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Teti-pivoarana ary ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-007/2021 tamin'ny 12 Mey 2021 Fandravonana ny Tetibola, taona 2018.

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda
2. ANDRIAMIATRIKARIVO James Pierrot
3. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
4. RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
5. VONINAHITSY Jean Eugène

Ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana tonga nivory:

- Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore.
- Andriamatoa PEPIN Michou.

Ireto avy ireo teknisiana nisolotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- | | |
|----------------------------------|------------------|
| - RANDIMBIARISOA Oliva | DGFAG/MEF |
| - RAJAOFETRA Andry | DGT/MEF |
| - RAHARIJAONA NDRIANARILALA Rado | DGT/DCP |
| - RANDRIAMAROMANANA Rantsoa | DGT/ACCTDP |
| - RAZAFIMANDIMBY Pascal | DGI/DITEC |
| - RASOLONIRINA Rija | DGT/ACCT |
| - RATOLOJANAHARY Jimmy | DGFAG/DB/SSB |
| - NDRIAMAHAVORY Etsanga | DGFAG/DB/SSB |
| - RAKOTOSALAMA Manovosoa | DGFAG/DB/SSB |
| - RAKOTOMALALA Onitiana P. | DGFAG/DB/SSB/DLR |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana avy ao amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny fitenenana.

Taorian'ny fiarahabana nataon'Andriamatoa Tale Jeneraly dia naneho fialan-tsiny avy amin-dRamatoa Minisitra sy ny Sekretera Jeneraly ny tenany tamin'ny tsy nahatongavan'izy ireo noho ny fifanindrian'ny fivoriana eto amin'ny Antenimierampirenena sy any amin'ny Antenimierandoholona.

Nambarany, taorian'izany, fa tokony ho roa taona aorian'ny "exercice" no hanolorana ny Lalàna Fandravonana ny Tetibolam-panjakana kanefa noho ny fotoan-tsarotra nolalovan'ny firenena dia izao vao tanteraka izany.

Drafitra:

1- Jery todika ankapobeny mikasika ny PLR 2018:

Ny lalàna laharana faha-2017-024 tamin'ny 19 Desambra 2017 mikasika ny Lalàna mifehy ny Tetibola, taona 2018 sy ny Lalàna laharana faha-2018-024 tamin'ny 12 Jolay 2018 mikasika ny Lalàna Fanitsiana ny Tetibola, taona 2018 no lalàna mamaritra azy.

Ny tanjona dia ny fanohizana ny fanatsarana ny "stabilité macroéconomique".

“Analyse de la situation économique et financière”:

- Nisy fiakarana ny harinkarena faobe satria nahatratra 4,6% tamin’ny taona 2018 raha 4,3% tamin’ny taona 2017. Ny nahazoana izany dia ny tany amin’ny Sehatra faha-II.
- Nisy koa ny fifehezana ny fiakaran’ny vidim-piainana 6,1% tamin’ny taona 2018; nisy ny fidinan’ny vidin’ny kojakojan-tsakafo toy ny vary, teo koa ny “politique monétaire prudentielle” nataon’ny Banky Foiben’i Madagasikara;
- Nisy ny fihenana’ny sandam-bola Malagasy 5,92% raha oharina amin’ny Dolara Amerikana ary 0,83% raha oharina amin’ny DTS;
- Nisy fihatsarana tamin’ny «position vis-à-vis de l’extérieur» tamin’ny “solde de la balance globale”: nisy ambim-bava 110,5 tapitrisa DTS tamin’ny taona 2018 raha 29,7 tapitrisa DTS no noeritreretina tamin’ny LFR 2018;
- Nisy fifehezana ny “déficit budgétaire”: -2,2%-n’ny harinkarena faobe noho ny fihatsaran’ny vola niditra sy ny famehezana ny vola nivoaka. Ny namatsiana io “déficit” -1 004,1 miliara Ariary io dia 738,3 miliara Ariary, avy any ivelany fa ny 265,8 miliara Ariary kosa novatsiana tato anatin’ny.

2- Famintinana ny Tondro ekonomika sy ara-bola

- Tahan’ny fiakaran’ny harinkarena faobe: vinavinaina ho 5,1% ka 4,6% no tanteraka;
- Tahan’ny fiakaran’ny Sehatra Voalohany: vinavinaina ho 3,2% ka 3,7% no tanteraka;
- Tahan’ny fiakaran’ny Sehatra Faharoa: vinavinaina ho 6,0% ka 8,1% no tanteraka;
- Tahan’ny fiakaran’ny Sehatra Fahatelo: vinavinaina ho 5,9% ka 2,1% no tanteraka;
- Tahan’ny fiakaran’ny vidim-piainana mandritry ny taona raha oharina amin’ny harinkarena faobe: 7,9% no vinavinaina ka 6,1% no tanteraka.

Amin’ny ankapobeny dia tsara ny tondro raha oharina amin’ny vinavina.

3- “Réalizations budgétaires”

Ny tahan’ny fanatanterahana ny PIP amin’ny famatsiam-bola anatin’ny dia 84,55% na 839,96 miliara Ariary, ny famatsiam-bola ivelany kosa 38,35% na 720,74 miliara Ariary.

Amin’ny ankapobeny dia 54,33% ny tahan’ny tetibolam-panjakana nentina namokatra izay sandaina ho 1 560,69 miliara Ariary. Azo lazaina fa iva io taham-panatanterahana io.

Famintinana ankapobeny ny fampiasam-bola, taona 2018:

“Cadre I: Budget Général”: vola niditra 5 425,09 miliara Ariary, fandaniana 5 898,04 miliara Ariary;

“Cadre II: Budget Annexe”: vola niditra 22,25 miliara Ariary, fandaniana 17,33 miliara Ariary;

«Cadre III: Compte Particulier du Trésor»: vola niditra 347,88 miliara Ariary, fandaniana 774,11 miliara Ariary;

«Cadre IV: Fonds de Contre Valeur»: vola niditra 3,01 miliara Ariary, fandaniana tsy misy;

«Cadre V: Dette Publique»: vola niditra 1757,31 miliara Ariary, fandaniana 726,61 miliara Ariary.

Fitambarany: vola niditra 7 555,54 miliara Ariary, fandaniana 7 416,10 miliara Ariary.

Nisy «excédent budgétaire» 139,43 miliara Ariary.

4- Fanompanana ny taham-pahombiazana:

Nisy ny tanjona napetraka kanefa 57,20% no tratra, ny 36,86% kosa no tsy tratra ka ny 3,67% no tsy nahazoana antontan'isa ary ny 2,26% no tsy nahitam-panazavana.

Raha tsinjaraina isan-tsehatra ny taham-pahombiazana tratra dia:

- "Administratif": 63,88%
- "Productif": 40,00%
- "Infrastructure": 57,14%
- "Social": 46,61%

Ny totalin'izay rehetra izay dia 57,20%. Raha jerena ny antontan'isa etsy ambony dia ny "secteur administratif" no tena nahatratra ny taha ambony indrindra. Noho ny hakelin'ny famatsiam-bola avy any ivelany no tsy nahatratrarana ny tanjona.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fametraham-panontanianana ny Solombavambahoaka:

FANONTANIANA

- **Inona no antony nampihotra ny "taux de réalisation"-an'ireo Andrimpanjakana sy ny Minisitera sasantsasany?**

Misy ny "crédit limitatif" mametra ny fandaniana izay tsy azo ihoarana, misy koa ny "crédit évaluatif". Matetika dia mihoatra ny 100% ny fanatanterahana satria misy vola fanampiny avy amin'ny PTF (Partenaire Technique et Financier) izay tsy voatombana ao anatin'ny vina napetraka teny am-boalohany.

Rehefa vita izay fanontanianana izay sy ny fanomezana ny valiny dia novakiana tao amin'ny fivoriana ny "Déclaration Générale de conformité sur la Gestion 2018" izay nataon'ny «Cour des Comptes».

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandaniana isan'andiny ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola:

Andininy voalohany: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-2: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-3: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-4: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-5: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-6: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-7: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-8: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-9: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-10: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra anefa dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay dia nolanian'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny Volavolan-dalàna laharana faha-007/2021 tamin'ny 12 Mey 2021 Fandravonana ny Tetibola, taona 2018, ka hoentina any amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 5 ora, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra ny Mpampakateny, tamin'ny famakiana ny tatitra, Andriamatoa Filoha dia nanambara hiroso amin'ny fanitsiana ny tatitra ny mpivory, fa tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny aloha. Avy amin'ny Solombavambahoaka ary aorian'izay, ny solotenan'ny Governemanta.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, nilaza fa ao amin'ny pejy voalohany, tokony hahitsy ny filazana hoe: Andriamatoa PEPIN Michou dia tsy mpikambana tamin'ny Vaomiera kanefa tonga nivory. Mpikambana ao amin'ny Vaomiera mpanombana ny Politikam-panjakana izy. Amin'izay no asiana ny anarany, any amin'ny tsy mpikambana tonga nivory no misy azy.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha an-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny fitenenana.

Nanamarika, Ramatoa Minisitry, fa ao amin'ny pejy voalohany eo amin'ny anaran'ny teknisiana misolotena ny Governemanta, amin'ny anarana faha-3, diso ny filazana ny anaran'ny asa sahanin'ny teknisiana; DGT/DCT no izy, fa tsy DGT/BCP.

Taorian'izay, niangavy an-dRamatoa Minisitry, mba hanazava ny antonanton'ny volavolan-dalàna, Andriamatoa Filoha, mba hahafantarana izay volazany amin'ny antsipiriany.

Rehefa nandray fitenenana, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, nanambara fa ny «Loi de Règlement» dia tsy zava-baovao amin'ny Solombavambahoaka intsony, fa efa tahirin-kevitra entina matetika eto anivon'ny Antenimierampirenena.

Raha iverenana, ny andininy faha-2 sy ny andininy faha-43 ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 Jolay 2004 dia milaza izao zavatra manaraka izao: raha momba ny «Loi de Règlement» no asaina teny, tsy maintsy atolotra hofidian'ny Antenimierampirenena izany satria izy no mamaritra farany ny vola tena nampidirina sy nolania marina tamin'ny taona iray efa nodiavina. Ny tetibolam-panjakana dia vinavina ihany, fa ny «Loi de Règlement» no mamaritra ny tena zava-nisy tamin'ny taona efa lasa. Izy no manamarina ny elanelana nisy tamin'ny vokatra sy ny vinavina; izy no mamela sy makatoa farany tamin'ireo fihoarana tamin'ny fampiasam-bola natao; izy no mamindra ny vokatry ny taona iray ao anatin'ny «compte permanent» teo anivon'ny tahirim-bolam-panjakana.

Raha fintinina ny zava-misy ato anatin'ny volavolan-dalàna, ampahatsahivina fa eo amin'ny 4,6% ny tahan'ny fiakaran'ny harinkarena faobe tao anatin'ny «Loi de Règlement», taona 2018 ity.

Ny tahan'ny fiakaran'ny vidim-piainana dia voafehy teo amin'ny 6,1% raha ohatra ka 9% izany tamin'ny taona teo alohany.

Ny Ariary dia nihen-danja teo amin'ny -5,72% raha ampitahaina tamin'ny dolara ary -0,83% raha ampitahaina tamin'ny DTS.

Raha teo amin'ny «position extérieure», mbola nanana 110,5 “millions de DTS” teo isika tsy nampiasaina rehefa nifarana ny taona.

Raha teo amin'ny «mission internationale» dia 57,27% no tanjona tratra, raha ohatra ka 798 ny «indicateur de performance» nenjehina tamin'ny taona 2018 ary 405 «indicateur» no voahenjiky ny Fanjakana.

Teo amin'ny fampidiram-bola, 7 555 000 000 Ariaray no vola niditra ary 7 416 000 000 Ariary no vola nolaniana.

Teo amin'ny “mouvement de crédit” nandritra ny taona 2018 kosa, nahatratra 332 izany ary ny «dépassement de crédit» dia teo amin'ny 306 000 000 Ariary ho an'ny “crédits des caractères évaluatifs» izay efa nohazavaina tany amin'ny tatitry ny vaomera.

Ny “compte de gestion” dia nahazoana ny fankatoavan'ny “Cour des Comptes” ary haroso eto amintsika holanian'ny Antenimierampirenena androany.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Minisitry, tamin'ny fanazavana nataony momba volavolan-dalàna, Andriamatoa Filoha dia nanome fitenenana ny Solombavambahoaka.

Rehefa nomena fitenenana Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore dia nanambara fa misy 2,26% no tsy nahitan-panazavana ka inona no antony nahatonga izany.

Inona no antony nahatara ny fahatongavan'ny LFI, taona 2021, raha oharina tamin'ny LFI 2022.

Nambaran'Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert, kosa fa ara-dalàna ny fahatongavan'ity «Loi de Règlement» ity teto amin'ny Antenimierampirenena raha ny fe-potoana fandaniana izany no jerena. Araka ny voalaza teo, tokony ho 2 taona aorian'ny fotoana nanaovana ny nampiasana ny tetibola no andaniana izany.

Nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany, mba handany ny volavolan-dalàna; izay no namaranany ny teniny.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha an-dRamatoa Minisitry ny fitenenana.

Rehefa nandray fitenenana, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, nambarany fa tsy vola io 2,26% io, fa “indicateur de performance” izay tsy nahitana hoe tratra na tsia ny “performance” tamin'izany taona izany.

Mikasika «Loi de Règlement pour 2019» kosa, efa eny anivon'ny "Cour des Comptes" izany saingy miandry ny fiverenany avy any izahay alohan'ny hanolorana azy eto amin'ny Antenimierampirenena.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Minisitra, tamin'ny famaliana ny fanontaniana napetraka taminy, Andriamatoa Filoha dia nilaza, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-007/2021 tamin'ny 12 Mey 2021 "portant Loi de Règlement pour 2018" ny mpivory.

Nambarany fa ahitana andininy miisa 10 ny volavolan-dalàna.

Famelabelarana ny antonantony: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 33 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny famelabelarana ny antonantony.

Andininy voalohany ka hatramin'ny andininy faha-10: nolaniany vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 33 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ny andininy voalohany ka hatramin'ny andininy faha-10.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny momba ny volavolan-dalàna laharana faha-007/2021 ny mpivoryka ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 33 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-007/2021 tamin'ny 12 Mey 2021 «portant Loi de Règlement pour 2018».

Taorian'izay, nilaza Andriamatoa Filoha, fa vita ny andraikity ny Antenimierampirenena, ka nomeny an-dRamatoa Minisitra ny fitenenana raha manan-kambara izy.

Fisaorana no nataon-dRamatoa Minisitra ho an'ny Antenimierampirenena tamin'ny fankatoavana ny «Projet de Loi N°007/2021 du 12 Mai 2021 portant Loi de Règlement pour 2018» ary naniry ny hitohizan'ny fiaraha-miasa eo amin'ny roa tonta koa ny tenany.

Taorian'izay, mbola nisy Solombavambahoaka nanao satroka ka nomen'Andriamatoa Filoha fitenenana.

Nanambara Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, raha nomena fitenenana, mikasika ny fandinihana fanindroany ny Tolo-dalàna natolony, nomarihany fa efa lany teto anivon'ny fivoriambe ny hampidirana izany amin'ny «ordre du jour» aorian'ny fivorian'ny «Conférence des Présidents» manaraka ary haroso hodinihana eto amin'ny «séance plénière» koa izany.

Nanontany Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, raha mbola hatao eny amin'ny CCI-Ivato toy ny teo aloha ihany ny fihaonana amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta sy Solombavambahoaka raha nomena fitenenana izy.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa ny Solombavambahoaka laharana voalohany ka hatramin'ny laharana faha-76 no mametraka fanontaniana amin'ny mpikambana eo anivon'ny Governemanta ny Alakamisy 2 Desambra 2021 ary ny laharana faha-77 ka hatramin'ny faha-151 kosa ny Zoma 3 Desambra 2021 ary 3 minitra no faharetan'ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka tsirairay avy.

Mbola nisy Solombavambahoaka nanao satroka, ka nomena fitenenana.

Andriamatoa RAMAROSON Bonaventure dia nilaza fa tsy ampy ny 3 minitra handraisana fitenenana satria rehefa tena misokatra ny adihevitra, tapaka ny «micro». Raha hozaraina roa ihany ny Solombavambahoka, aleo mahazo 5 minitra ny tsirairay satria raharaham-pirenena no hodinihana; ny zavatra manahirana ny vahoaka nifidy antsika no holazaina amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Andriamatoa DINAH Romual koa mbola nanamafy, fa tsy ampy ny 3 minitra omena ny Solombavambahoaka, fa aleo atao 5 minitra araka ny volazan'ny namana teo aloha.

Mbola nanamafy izany hatrany Andriamatoa DARKHOUÏ Siritis, 5 minitra no tokony homena ny Solombavambahoaka.

Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène indray nangataka mba hatao 7 minitra ny fandraisana fitenenana.

Andriamatoa VELOMAHAZO Patrice, nangataka ny handraisan'ny Filohan'ny Kaomisaona fitenenana satria mety manan-kolazaina koa izy ireo.

Nanambara kosa Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, fa tokony hajaina ny adihevitra atao amin'ny Governemanta, «Questions-réponses» no anaran'io fa tsy fisaorana sy fandokafana.

Nangataka Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, fa tokony hanaja ny andro izay omena azy avy ny Solombavambahoaka tsirairay amin'ny fotoana andraisany fitenenana, fa tsy hoe tonga mialohan'ny fotoana na tara kanefa tsy maintsy handray fitenenana ihany.

Nanambara Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, fa aleo avela handeha hamonjy ny asany ny Minisitry, fa isika no tokony handinika izany.

Nangataka Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa, fa mba amin'ny fihaonana voalohany no handraisany fitenenana satria ho avy hitsidika ny Distrika nahavoafidy azy ny Filohampirenena.

Nangataka Ramatoa VOLAHAINGO Marie Thérèse, mba samy ho tonga daholo ny Minisitra amin'ireo roa andro hisian'ny fihaonana ireo.

Nambaran-dRamatoa VOAHINGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette, fa ny Solombavambahoaka rehetra no tokony ho tonga amin'ireo fotoam-pivoriana iarahana amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ireo. Nangataka koa izy ny mba hatongavan'ny Minisitra rehetra amin'ireo andro ireo.

Nilaza Andriamatoa MBADE Jeannine Gabriel fa raha ny tsy fahatongavan'ny Solombavambahoaka sasany no anemorana ny fanapahan-kevitra dia tsy mety izany.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, handraisana fanaphan-kevitra ny faharetan'ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka araka ny volaza teo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, tsy nisy nanaiky ny 3 minitra; Solombavambahoaka miisa 30 no nanaiky fa 5 minitra no faharetan'ny fandraisam-pitenenana; Solombavambahoaka miisa 3 no nanaiky fa hatao 7 minitra izany.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa 5 minitra no faharetan'ny fandraisan'ny Solombavambahoaka fitenenana.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nanentana ny Solombavambahoaka mba ho tonga mavitrika amin'ireo fihaonana ireo ny tenany.

Niato tamin'ny 11 ora sy 55 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona